Synaoda FPMA 2008: Hafatra

Soumis par pasitera

HAFATRY NY SYNODA LEHIBE XXXII

31 Oktobra 2008, 01, 02 Novambra 2008

LES CYCLADES – 393, avenue de
Melgueil, 34280 LA GRANDE MOTTE

« Ho olondehibe isika, mahatratra
ny halehiben’i Kristy sy heniky ny hafenoana nomeny .
»

(Efes.4:13)

Ny Synoda Lehibe faha-32 an’ny FPMA
izay nivory teto amin’ny LES CYCLADES – 393, avenue
de

Melgueil, 34280 LA GRANDE MOTTE, ny 31
oktobra sy 01 ary 02 novambra 2008, mamangy ny Tafo 37

sy ny Fiaraha-mivavaka ary ny kristiana
rehetra eto amin’ny FPMA.

Hampitomboina mandrakariva ho anareo anie
ny fahasoavana sy ny fiadanana avy

amin’Andriamanitra Ray sy Jesoa
Kristy, Tompo sady Lohan’ny Fiangonana.

« Ho olondehibe isika, mahatratra ny
halehiben’i Kristy sy heniky ny hafenoana nomeny .
»

Voalohany indrindra dia faly miarahaba
antsika rehetra noho ny nahatratrarantsika ny Taon-Jobily

sady fankalazana ny faha-50
taonan’ny FPMA. Ity Synoda Lehibe faha-32 ity dia nandray sy
niezaka niaina

ny teny fanevan’ny Taon-Jobily teo
amin’ny asany nandritra ny telo andro.

Koa ireo mpivory niisa ho 95 avy
amin’ny Tafo sy Faritany, Sampana, Vaomiera ary
Departemanta

FPMA, rehefa nivory nandinika ny
fiainan’ny FPMA, nijery ny lasa ary nibanjina ny ho avy, dia
mandefa

izao hafatra izao ho an’ny
Fiangonana manontolo.

« Ho olon-dehibe isika... » :
miandrandra sy manantena olona matotra sy tompon’andraikitra,
ho

afaka hiara-miasa amin’ny
fampiorenana Fiangonana afaka mampiseho ny fahafenoan’i
Kristy Ilay Loha,

ny Tompo Andriamanitsika.

Noezahina ny hijery sy hifampizara ny
fiainan’ny FPMA nandritra izay roa taona izay teo
amin’ny

sehatra rehetra. Ny Faritany, Sampana,
Vaomiera ary Departemanta FPMA dia naneho teo amin’ny
tatitra

nataony ny ezaka ataon’ny
ambaratonga rehetra ho fampandrosoana ny FPMA. Naseho tao
anatin’izany

koa ireo ezaka ho amin’ny ho avy sy
ny fanantenana handroso sy hitombo eo amin’ny asa
hanorenana

Fiangonana miaina ny fahafenoan’i
Kristy.

“...mahatratra ny fahafenoan’i
Kristy sy heniky ny hafenoana omeny.”

Ny taon-Jobily dia fotoana izay
omen’Andriamanitra ny vahoakany mba hahatsiarovany ny

asan’Andriamanitra eo amin’ny
fitondrany ny Fiangonany sy hampiorenany azy bebe kokoa
amin’ny

finoana amin’ny alalan’ny
fanavaozana ny asa fampihavanana amin’Andriamanitra sy
amin’ny olona. Koa

natsangana ny Komity Nasionalin’ny
Jobily izay tarihin’ny Mpitandrina Théodore
RANDRIAMANANTENA,

Filoha Mpanampin’ny FPMA ary misy
ireo olona notendren’ny Komity Maharitra sy ireo solon-tena
avy

amin’ny Faritany sy ny Sampana
Iraisana eto amin’ny FPMA.

Entanina koa ny Faritany sy ny Tafo
tsirairay mba handray anjara amin’izany fankalazana izany,
ho

voninahitr’Andriamanitra.

Tsy Fiangonana miasa sy miaina irery ny

FPMA, koa ny « Assemblée Générale
»n’ny Fédération

Protestante de France (FPF) izay nivory
tamin’ny Martsa 2007 teo dia nandray ny FPMA ho
mpikambana

feno ao anatiny. Mitaky andraikitra sy
fijoroana vavolombelona ho amin’ireo mpikambana miaraka

amintsika ao anatin’izany
fikambanana izany io fandraisana antsika io. Koa entanina ny Tafo
rehetra sy ny

ambaratonga hahay hijoro ho olon-dehibe
henika ny fahafenoan’i Kristy, afaka mizara ny
fahafenoana

noraisiny amin’ny hafa.

Vita ary nankatoavina ny
fitantanam-bolan’ny FPMA taona 2007 sy 2008. Entanina ny Tafo
mba

hanaja ny fe-potoana handefasana ny adidy
Foibe mba tsy hampiantona ny asa.

Olona nanokan-tena ho
an’Andriamanitra ny kristiana, ary aoriny ho fiangonana mba
hanao ny

asany ety an-tany. Hahazoana manatanteraka
izany dia namafisina tamin’ny ity Synoda ity ny tokony

hananan’ny Tafo tsirairay avy na ny
faritany Mpitandrina matihanina. Ankehitriny dia miisa ho dimy ireo
tafo

efa manana mpitandrina matihanina eto
amin’ny FPMA (Paris, La Réunion, Grand-Champ,
Marseille ary

Toulouse).

Ny VMMM (Vaomiera Mitrandraka ny momba ny
Mpitandrina Matihanina) izay natsangana tamin’ny

Synoda Lehibe faha-31 dia efa miasa ary
vonona mandrakariva hanoro hevitra sy hanampy ny Tafo sy ny

Faritany amin’ny fametrahana izany
Mpitandrina Matihanina izany.

Noho ny fandaminana vaovao eo
amin’ny fe-potoana hisana eto amin’ny Foibe FPMA araka
ny

fanovana Fitsipika nolaniana dia
nanapa-kevitra ny Synoda Lehibe fa halavaina herin-taona ny
fe-potoana

hiasan’ireo Birao Foibe sy ny
Mpandini-bola ankehitriny, ary dia hasiana Synoda Lehibe tsy
ara-potoana

amin’ny taona 2009 hifidianana Birao
Foibe mifanaraka amin’ny Fitsipika.

1. Birao Foibe :

Filoha synodaly : Pasitera
Andriamarohasina Ravalitera Jean

Filoha mpanampy mpitandrina : Pasitera
Théodore Randriamanantena

Filoha mpanampy laika : Atoa Jean-Solo
Rafidinarivo

Mpitan-tsoratra : Atoa Tiana Radison

Mpitahiry vola : Atoa Herintsoa
Rasidimanana

Mpandraharaha ny vola : Atoa
François Ramialison

Mpanolon-tsaina : Pasitera Seth
Rasolondraibe

2. Mpandini-bola :

Atoa Solo Rabarimanana

Atoa Ramahatafandry Andrianavelasoa

Koa rehefa avy namaritra ny
làlan-kizorana ho amin’izao roa taona ho avy izao ny
solon-tenanareo teto

amin’ny Synoda dia manentana sy
mampahery mba handalina sy hizotra ho amin’ny
fahamatorana

kristiana araka ny teny fanevan’ny
faha-50 taona manao hoe: “Ho olondehibe isika, mahatratra
ny

halehiben’i Kristy sy heniky ny
hafenoana nomeny”. Ary dia mitsodrano anareo mba hahefa be
eo

amin’ny asa fanompoana itaizana sy
hampiorenana anareo ka “dia atsangana hianareo tahaka ny
vato

velona ho trano fanahy, ho fisoronana
masina, hanatitra fanati-panahy sitrak'Andriamanitra amin'ny
alalan'i

Jesosy Kristy.” (1Pet.2:5)

«Ary ho an’Izay mahay manao
mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny mihoatra lavitra no izay

rehetra angatahintsika na heverintsika
aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika, ho Azy anie ny

voninahitra ao amin’ny fiangonana sy
ao amin’i Kristy Jesosy hatramin’ny taranaka farany

indrindra

mandrakizay mandrakizay. Amen. »
Efesiana 3 :20-21.

Dia manao veloma finaritra anareo izahay.

Amin’ny anaran’ny Synoda
Lehibe faha-32 n’ny FPMA izay nivory teto amin’ny

LES CYCLADES – 393, avenue de
Melgueil - 34280 LA GRANDE MOTTE

Alahady 02 novambra 2008

Amin’ny anaran’ny
Filohan’ny Vaomieran’ny Hafatra

Pst Désiré
ANDRIAMAMPIANINA